


Mampahonena ny Malagasy sasany jamban’ny aratsian-tsaina ka na ny taranany aza manjara ozoniny. Adinony tanteraka fa na dia mbola tsy teraka aza izy ireo, ka na iza mpitondra eo dia tsy maintsy andalovan’ny rivo-doza ity Madagasikara ity, eo anelanelan’ny volana desambra sy voalohan’ny volana avrily, isan-taona isan-taona. Mailaka mihitsy ny sasany manafangaro ny tondra-drano aterak’izany rivo-doza izany, sy ny velirano izay fomba filaza rehefa manao fanamby ho tratrarina.




Izy ireo, izay efa fantatra satria misehoseho eny amin’ny radio sy televiziona ary kinga be eto amin’ity Facebook ity (na sahy mampiseho ny anarana nomen’ny ray aman-dreniny, na kanosa tsy milaza ny tena anarany), ka tsy mahita afa-tsy ny lafi-ratsin’ity fiainana fandalovana ity (saingy ho anao fa tsy aazy mianakavy), dia toa ireny olona tsy ho faty ireny mihitsy (« immortels » hoy ny vazaha). Kanefa rehefa lasa dia tsy misy mahatsiaro intsony.


Rivo-doza Batsirai nandalo tao amina nosy rahavavy. Izao no antony


Rivo-doza Batsirai nandalo tao amina
nosy rahavavy. Izao no antony tsy
hivoahana ny trano, Tompoko !